# ALAHADY FAHA 21 MANDAVANTAONA -B- 2024-



***"Tompo ô, hankany amin'iza àry izahay? Ianao no manana ny teny fiainana mandrakizay ".***

Ry Kristianina havana, anio isika no mamarana ny KEN 2024. Maro ny zavatra azo lazaina fa azo fintinina hoe : MISAOTRA AN'ANDRIAMANITRA. Misaotra antsika EOV jiaby niara-nientana, tena Olo Araiky tokoa isika. Misaotra antsika Tolagana niara-nandray an-tanana. Misaotra anareo tompon'andraiki-panjakana manomboka amin'ny Prezidàn'ny Repoblika ka hatramin'ny tompon'andraikitra rehetra isan-tsokajiny eto anivon'ny Arsidiosezin'Antsiranana. Misaotra anareo Eveka Raiamandreny niara-nivavaka, nankalaza an'I Jesoa Fihavanana. Misaotra anareo vahiny avy any ivelany rehetra. Misaotra ny solontenan'ny Papa nanome ny tsodrano manokana avy amin'ny Papa. Misaotra anareo mpanao gazety nanome aina ny fankalazana ka afaka nivelona an'izany ireo tsy afaka nivahiny teto Antsiranana izay ambohim-pihaonana eokaristika: TENA ZARY VILLAGE EUCHARISTIQUE. Tsy tanjona izay fanehoam-pinoana lehibe niarahantsika nanao fa dingana lehibe irosoantsika hanana FIHAVAOZANA EOKARISTIKA HITONDRA ANTSIKA HANANA FIAINANA EOKARISTIKA DIA NY FANOMPOANA, FAHAFOIZANA AO ANATIN'NY FAHAMARINANA IZAY LOHARANO SY FOTOTRY NY FIHAVANANA HANASITRANA IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY KA MIFANASOA MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA MANARINA NY TRANOBE IOMBONANA.

**Vakiteny I :** Jôs. 24, 1-2a. 15-16 sy 18b
**Tononkira :** Salamo 33
**Vakiteny II :** Efez. 5, 21-32
**Evanjely :** Jo. 6, 61-70

Araka izany ry Kristianina havana mitohy ny ADY sy ny DIA. ADY amin'ny ratsy, DIA mitondra antsika amin'ny fiainam-baovao ka ny Eokaristia no ivom-piainana sady ivon'ny fiainana. Izany indrindra no ambaran'ireo Tenin'Andriamanitra aroson'ny Eglizy amin'izao Alahady faha -21 izao.

Tohizantsika tokoa ny fandalinantsika ny toko faha6n'ny Evanjelin'I Md Joany izay manambara ny famantarana nataon'I Jesoa dia ny fampitomboana ny mofo ka niainga avy amin'izany Izy no nampianatra ny fanorenana ny Eokaristia loharano sy fototra ny fiainantsika.

Henontsika tsara fa tafintohina tamin'ny fampianaran'i Jesoa ireo Jody ary androany indray henontsika indray fa tsy ireo jody ihany no nimonomonona sy tafintohina tamin'ny fanambaran'I Jesoa momba ny tenany izay lazainy fa mofo velona avy any an-danitra fihinana ny vatany, ary fisotro ny ràny fa maro tamin'ireo mpianany koa no tafintohina. Tsy afenina koa fa misy no taitra tamin'ireo nandre an'I Jesoa tamin'ny fotoanandrony fa tsy mbola misy lehilahy miteny sy mampianatra toa azy, matotra ny fampianarany, tsy vitan'ny fampianarana ihany no ataony fa misy famantarana ka nahatsapa izy ireo fa tsy manao kobaka am-bava izy ary izany koa no mbola anaovany fampianarana matotra androany.

Maro ireo vahoaka nanaraka an'I Jesoa noho izany fampianarany izany kanefa tao amin'ireo vahoaka ireo dia nisy nanaraka Azy noho ny famantarana ihany ka rehefa tsy hitany intsony ny famantarana dia niova ny heviny ka lasa tsy nanaraka an'I Jesoa intsony fa nanaraka zavatra hafa. Mbola hitantsika izany amin'izao andro iainantsika izao fa indrindra moa amin'izao sedra mafy entin'izao krizy maro lafy izao. Na ireo vita batemy aza dia maro no very "fanahy mbola velona" ka tsy mahita intsony no lalan-kombana. Tamin'ireo nanaraka an'i Jesoa ireo na dia tsy nisy aza ny famantarana, nisy ihany koa ireo azo lazaina fa mpianatr'I Jesoa, mpihaino Azy ary nahaliana azy ireo ny fampianarany fa eto dia ireo mpianatra ireo ihany koa no nisy tafintohina ary lasa niverin-dàlana. Aza gaga izany isika raha mahita ireo vita batemy "miverin-dalana". Fantantsika fa misy izany amin'izao androntsika izao, naheno ny fampianarana, nandalina ny finoana, io ilay hoe vita raha jiaby dia lasa niverin-dàlana ka tsy nanohy ny fandalinam-pinoana intsony.

Amin'ireo mpanara-dià an'I Jesoa dia misy ihany koa ireo mpianatra nanaraka ary nandalina ny finoana, anisan'izany ilay tovolahy nanontany hoe "*inona ny ataoko ahazoako ny fiainana mandrakizay*?". Izay ihany koa tamin'ireto mpianatra nahita ny famantarana tamin'ny fampitomboana ny mofo sy ny fampianarana nataon'I Jesoa dia nanaraka nefa rehefa nolazainy fa Izy no mofo mahavelona avy any an-danitra ary tena fihinana ka hahazoana ny fiainana mandrakizay ny vatany sy ny ràny dia tafintohina satria sarotra amin'izy ireo ny nahazo ny dikan'ny fampianarana izany ka lasa izy ireo.

Misy tamin'ireo mpianatra mpanara-dia an'I Jesoa, ireo atao hoe apôstôly, mpanara-dia an'I Kristy akaiky izay hitantsika amin'ny Evanjely androany ka I Md Piera no nisolo vava izy ireo rehefa nanontany I Jesoa hoe ary ianareo mba ahoana ? Namaly I Piera nanao hoe "*hankany amin'iza izahay ianao no manana ny teny fiainana ary izahay efa nino sy nahalala fa ianao no ilay masin'Andriamanitra*". Fiekem-pinoana izany ary mahatonga antsika ho iray ao amin'i Jesoa sy mahatonga antsika ho taranaka mpanorina satria mitoetra ao amin'I Jesoa sady itoreran'I Jesoa, finoana izany. Ny finoana tokoa no mampiombona amin'I Jesoa fa tsy zavatra hafa na oviana na oviana. Azontsika onona tsara, azontsika mazava tsara ny mahatonga antsika milaza hoe "Apostoly Lahika" ao amin'ny vavaka ho an'ny vôkasiona, fiantsoan'Andriamanitra. Ny tanjona dia ny haha Apostoly tokoa ny vita batemy izany hoe hahatonga azy ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Io no antony no mahatonga antsika miatrika izao KEN izao izay irintsika hitondra amin'ny fihavaozana eokaristika hananantsika fiainana eokaristika vonona hahafoy sy hanompo.

Ry Kristiana havana mahatalanjona ny fanehoan'Andriamanitra ny sitrapony amintsika. Maninona no amin'izao alahady famaranana ny KEN 2024 izao izay hanirahana antsika jiaby mpivahiny no maheno ireo vakiteny ireo isika ary indrindra ity Evanjely fiekem-pinoan'I Piera ity ? I Piera izay nisolo tena ireo mpianatra rehetra izany hoe nisolo tena antsika jiaby… Ho ahy dia tsotra ny valiny TIAN'ANDRIAMANITRA HANAO TAHAKA AN'I PIERA ISIKA… IZANY RAHATEO NO NATAONTSIKA NANDRITRA IZAY HATELOANA MASINA IZAY KA NY PROCESIO OMALY SY IZAO EOKARISTIA MASINA IZAO NO FANEHOAM-PINOANA NENTINTSIKA MANAMBARA NY FINOANA TAHAKA AN'I PIERA SY IREO APOSTOLY…. LEHIBE TOKOA NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA…

Ny fiainana sy fitoerana amin'I Jesoa no tena finoana, hifikitra sy hiaraka amin'I Jesoa ka mahatonga an'ireo ho Jesoa velona sy mpiara-belona amin'olona amin'izao fotoana izao. Fampianarana lehibe ho antsika ny voalazan'I Piera sy ny fiekem-pinoana nataony.

Ny vakiteny voalohany dia mampahatsiaro ny mety azo lazaina ho "loharanon'ny fiekem-pinoana", nanavao ny fiekem-pinoana ny vahoakan'Andriamanitra, mila safidy ny finoana ary izany no lohahevitra omen'ny Eglizy amin'izao Alahady tsotra faha-21 mandavantaona izao : mahay mifidy sady mivelona izay fidina. Izany no antenaintsika lalina dia lalina aorian'izao KEN 2024 izao hahatonga antsika hametraka SAFIDY MARIM-POTOTRA tsara izany hoe hitoetra ao amin'I Jesoa isika sy hitoerany ka hamokatra be, fa alohan'izany tsy maintsy mahafoy isika ary vonona hanompo. Manana modely isika amin'izany dia I Masina Maria sy ireo Olomasina sy Olontsambatra toa an'I Victoire, Lucien Botovasoa. Io fahafoizana io sy io fanompoana io no manambara fa manana finoana velona isika izany hoe tena Apostoly. Izany ny fanavaozana eokaristika andrasana amintsika ka mitondra antsika hanana fiainana eokaristika, hahatonga antsika ho Tabernakla Velona.

Ny mahatonga antsika mikorontana ohatry ny voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany ka nilaza an'I Josoe dia ny tsy fahafantarana ny fototra ka mivezivezy isika ; aiza ary isika ity, inona ny ataontsika ? Mazava ny fampianaran'I Josoe ka nahatonga ny olona hanambara mazava ny safidiny. Izany ihany koa no kendrentsika amin'izao KEN 2024 izao mba hahatonga antsika ho taranaka mpanorina, hanorina ny EOV sy ETA ka hanavao ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy samy olombelona ary amin'ny zava-boaary. Izay no ny nataon'ny vahoaka hiroso amin'ny tany nampanantenaina. Ny tany nampanantenaina ho antsika dia hahatonga antsika HO EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Ka io no fanorenana tontolo telo izay tena potika tokoa vokatr'izao krizy maro łafy izao. Mila FIHAVANANA VAOVAO TOKOA HANASITRANA ANTSIKA INDRAY. IO INDRINDRA NO ENTIN'I KRISTY HO ANTSIKA ARY NY EOKARISTIA NO SAKRAMENTA MANEHO IO FIHAVANANA HANASITRANA ANTSIKA IO KA HAMERINA INDRAY IREO FIFANDRAISANA POTIKA. ILAY FIFANDRAISANA TELO MANDRAFITRA NY MAHA OLONA, SAMBATRA ISIKA MAHALALA IZANY…

Ny tontolo iainana no hanajantsika, hiarovantsika ary hanatsarantsika, handavorariantsika ny zava-boahary manodidina antsika ka hahatonga ny tontolo iainana maintso mamelona antsika. Toa izay ho fahavalon'ny zava-boaary isika tahaka ny zava-misy amin'izao dia zary ho MPIARA-DALANA MIFAMELONA MIFANASOA ARY MIFAMPITSIMBINA NY ZAVA-BOAARY SY NY OLOMBELONA. Ho Tontolo iainana mamelona tokoa tahaka ny naharian'Andriamanitra azy tamin'ny voalohany. Io ny vokasiontsika olombelona raha napetrak'Andriamanitra tao amin'ny sahan'ny Edena ny olombelona hatramin'ny voalohany : ho MPIAMBINA SY MPIKARAKARA fa tsy hanjakazaka…

Ny tontolo tena efa potika dia ny tontolom-piainantsika samy olombelona, izay anjakan'ny fialonana, ny fitiavan-tena, ny fanapotehana, fandravana sy fanilikilihana ireo manodidina antsika ka havaozintsika miaraka amin'I Kristy izany tontolom-piainana izany mba hitoeran'ny fifanajana, hanjaka ny rariny sy ny hitsiny ary ny fahamarinana ka entintsika mampivoatra ny fiainantsika andavanandro. Raha mifanaja, mifanasoa, mifampitsimbina vokatry ny fahafoizana sy fanompoana dia manorina TONTOLOM-PIAINANA MITONDRA AMIN'NY FIVOARAN'NY MAHAOLONA MANONTOLO SY NY OLON-DREHETRA. Io tontolom-piainana mikolokolo ny fihavanana sady kristianina no malagasy io no mitondra amin'ny fanorenana ny fianakaviam-ben-janahary : FRATELLI TUTTI= OLOARAIKY ISIKA JIABY.

Mila ainga vao koa ny tontolom-pinoana mba hitondra antsika hametraka an'I Jesoa ho ivon'ny fiainana sy ivom-piainantsika ka hahatonga antsika EOV itoeran'I Jesoa sy itoerantsika ao Aminy, Vokatry ny fandalinana ny finoana manampy antsika haneho ny maha zanak'Andriamanitra antsika ka ny famindram-po sy ny famelan-keloka no handrindrantsika ny fiaraha-monina misy antsika ka hiadam-pinaritra isika araka ny tenin'ny Papa : tsy ho hisy na oviana na oviana ny fiadanana sy ny fandriam-pahalemana raha tsy misy ny famindram-po sy ny fifamelon-keloka miaraka amin'ny fahamarinana izay entintsika mandrafitra ny fifandraisana eo amin'ny fiainantsika.

Ny dikan'ny fanompoana dia ny fampanjakana sy fanorenana ireo tontolo telo ireo izany hoe manompo ny Tompo Andriamanitra araka ny voalaza amin'ny vakiteny voalohany, mampiova ny fifandraisana ao anatin'ny fifampitokisana sy fifankatiavana araka ny ampianarin'I Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa androany izay anambarany fa ny loharano sy ny fototr'izany rehetra izany dia ny Eglizy kely fianakaviana ka aoka ho Kristy tokoa no eo anivon'ny fianakaviana ka zary Eglizy kely tokoa ka ny Eglizy kely manorina ny Eglizy fiombonana, ny Eglizy fiombonana manorina ny Eglizy fototra ary ny Eglizy fototra manorina ny Eglizy iraka ka hahatonga ny fanjakan'Andriamanitra hiitatra sy hihatsara eo anivon'ny fiainantsika. Mazava amintsika ihany koa ny mahatonga antsika hisafidy ny FIANAKAVIANA HO FOTOTRY NY DINGANA REHETRA ATAONTSIKA AMIN'IZAO KEN 2024 IZAO.

Milaza miara-mahita anefa isika fa marary ny fianakaviana loharano sy fototra ny fivelomana ny fihavana. Ny fianakaviana no tena maratra. Misedra zavatra maro ny fianakaviana. Ny fianakaviana no victime voalohany. Raha te hanarina ireo tontolo telo potika ireo isika dia tsy maintsy miainga any amin'ny loharano sy fototra. Mirindra ny fiainam-pianakaviana hoy Md Paoly raha manjaka ao ny fahafoizana, sy fanompoana ary ny fahamarinana mitondra amin'ny fifampitokisana sy fifanajana vokatry ny fifamelan-keloka sy famindram-po. Io lazain'i Md Paoly io no lazaintsika FIAINANA EOKARISTIKA. Mila mamboly fiainana eokaristika isika raha te hanarina ny fiainam-pianakaviana.

Ry Jesoa Tompo ô, nampianarinao anay fa Ianao tokoa no tenin'ny fiainana. Maro ireo izay nanodidina Anao no lasa nandao Anao ary nalain-kino izy ireo koa ampio izahay mba ho tahaka an'i Md Piera hanambara tsy amin'ny teny fotsiny fa amin'ny fiainanay manontolo fa Ianao tokoa ~~ny~~ no safidinay, Ianao no manana ny teny mahavelona. Enga anie izahay ho famantarana an'izany teny mahavelona izany eo amin'ny fiainanay ka hahafahanay hizara amin'ny hafa izany teninao mahavelona izany.

Enga anie izahay ho tena EOV ka na inon-kidona na inon-kihatra dia ianao irery ihany no fiainanay, ary ataovy miray hasambarana sy miray aina ao Aminao izahay amin'ny fiainanay ety an-tany ka hatramin'ny fiainana mandrakizay ka hahatonga anay ho tena taranaka mpanorina ETA sy EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA ho vavolombelon'ny teninao eo anivon'ny fiaraha-monina misy anay ka hiadam-pinaritra ao Aminao tokoa izahay.

Masina Maria Renin'I Jesoa, Renin'ny Apostoly, tsy miafina Aminao ny sedram-piainanay. Miatrika izao KEN izao izahay. Mitebiteby izahay. Mavozo tahaka ireo Apostoly tamin'ny voalohany. Mivavahà ho anay mba hanana herim-po tahaka an'I Victoire Rasoamanarivo izahay, tahaka an'I Frera Louis Rafiringa. Notantaninao I Victoire ka nantsoin'ny maro ho Anjely Mpiaron'ny finoana. Anjely Mpiaro ny finoana tokoa izy satria nahafoy sy nanompo ny Eglizy. Izy sy Frera Rafiringa no Misionera tamin'izay fotoana izay satria lasa daholo ireo misionera voalohany. Modely ho anay izy amin'izao ezaka ataonay hanorina EOV MISIONERA izao. Hivavaka ho anay koa anie izy. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy erantany ampio izahay mba tsy ho rendrika amin'ny dia ataonay amin'izao KEN izao hanorina FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO MARATRA….

Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson